# MPAMARITRA ISA

## Famaritana

Ny atao hoe mpamaritra isa dia teny entina ilazana isan-javatra na laharan-javatra ka sady afaka mitana anjara asa fototra sy fameno. Tsy azo atao verindroa raha tsy asiana "**tsi-**" na "**ki-**"eo alohany.

## Karazany

Misy karazany enina amin'ny ankapobeny ny mpamaritra isa:

**a) Mpamaritra isa milaza isa**:

Fototeny izy io; ka raha ampiarahina amin'ny tsirin-teny dia lasa mahazo karazany hafa.

**Oh** : iray, roa,…

**b) Mpamaritra isa milaza laharana**

Ahitana tovana « **faha-** » mandrakariva izy ireo ankoatra ny voalohany. Atambatra fa tsy asiana tsipi-panohizana ny fanoratana azy

**Oh** : faharoa, fahatelo, fahefatra, fahenina, ….

**d) Mpamaritra isa milaza ampahany**

Hatevenina amin'ny tsirin-teny « **am-paha**-…-ny» izy ireo. Atambatra fa tsy asiana tsipi-panohizana ny fanoratana azy.

***Oh*** *:* ampahatelony, ampahafolony, ….

**e) Mpamaritra isa manambara fampitomboana**

Tovonana « **in-** » eo alohany ka raha miatomboka amin'ny « **f** » na « **v** » ilay isa dia miova ho « **m** » ny « **n** ».

**Oh** : indroa, intelo, impolo, imbalo, ….

**f) Mpamaritra isa milaza fe-potoana**

Ilazana fetr'andro izy io.

Hatevenina amin'ny alalan'ny tsirin-teny sara-droa « *ha……ana* » izy ireo ka matetika dia ny roa hatramin'ny valo ihany no ampiasana azy satria raha mihoatra an'izay dia lasa herinandro indray no isaina.

**Oh**: Hateloana: ha-telo-ana

Hefarana: h(a)-efatra-ana

Hadimiana: ha-dimi-ana

Henemana: h(a)-enina-ana

Hafitoana: ha-fito-ana

Havaloana: ha-valo-ana …

**g) Mpamaritra isa manambara ny laharan'ny fampitomboana**

Hatevenina amin'ny « **fan-in** » ny mpamaritra isa fototeny.

Oh : fanindroany : fan-in-roa-ny

Fanindiminy : fan-in-dimi-ny

Fanintelony : fan-in-telo-ny

# NY MPAMPIFANDRAY

-

## Famaritana

Ny atao hoe mpampifandray dia teny kely mampifandray teny roa na moramora; na koa fehezan-kevitra ao anaty fehezan-teny iray; ka tsy afaka mitana anjara asa fototra.

-

## Ny karazany

### 2.1 Ny mpampitohy

Ny mpampitohy dia teny kely mampifandray teny roa na maromaro mitovy anjara asa na koa fehezan-kevitra samy mahaleo tena.

Oh: Mamangy **sady** mampionona ny mana-manjo ny mpiara-monina.

EM EM

Mividy vary **sy** laoka **ary** siramamy izy ireo.

RF RF RF

Mifanampy izy ireo **ary** vitaina ny raharaha rehetra.

FHZK1 FHZK2

Ny mpampitohy teny sy ny mpampitohy fehezan-kevitra dia mitovy ihany amin'ny ankapobeny.

Ireto avy ny mpampitohy fahita matetika: **sy, ary, dia, sady, no, kanefa, nefa, ka, fa, saingy, aman(a), ...**

## 2.2 Ny mpampiankina

Ny mpampiankina dia teny kely mampifandray teny roa tsy mitovy anjara asa na koa fehezan-kevitra mifampiankina.

Misy karazany roa ny mpampiankina:

- **Ny mpampiankin-teny:**

Teny kely mampifandray teny roa tsy mitovy anjara asa.

Oh: Nahafaly **an**'i Neny izany

EM RF L

Miresaka **amin**'ny ray aman-dreniny izy

EM RF L

Ireto avy ny mpampiankin-teny fahita matetika: **an(a), amin(a), noho ny, ohatra ny, hatry ny, fony**.

Ny hevitry ny Mpampiankin-teny :**Amina, amin'ny:** milaza toerana, fotoana, fitaovana

**Oh:** Miditra amin'ny fito izahay.

**Hatry:** milaza vanim-potoana **fony**: milaza faharetana

**Oh:** Naratra hatry ny fony kely io.

- **Ny mpampiankina fehezan-kevitra**

Teny kely mampifandray teny roa na maromaro

Oh: Misasa ny mana-manjo rehefa vita ny fandevenana

Fhzk1 Fhkz2

Ireto avy ireo mpampiankina fehezan-kevitra fahita matetika: **raha, rehefa, satria, raha toa ka, nony, sao, dia, hany ka, ndrao, ho, matoa, noho, mba, mba ho…**

-

Ny hevitry ny mpampiankina fehezan-kevitra

**Raha, raha toa ka:** milaza fepetra

**Oh:** Faly ny Ray aman-dreny raha hendry ny zanany.

**Mba, mba ho:** milaza tanjona na fikendren-javatra

**Oh:** Mianatra ny ankizy mba ho tafita.

**Satria, fa, noho ny, matoa:** milaza anton-javatra

**Oh:** Voasazy **noho ny** ditrany i Lita.

Sahirana izy **matoa** tsy tonga.

**Ka, hany ka:** milaza voka-javatra

**Oh**: Mianjera izy **hany ka** naratra.

**Rehefa, nony:** milaza fotoana

**Oh: Nony** tonga ny reniny dia nangina izy.

**Ndrao, sao**: milaza fepetra miaro ahiahy

**Oh:** Tandreno **sao** hadino ny hafatra.

Mitondrà ihany vatsy **ndrao** alina vao tonga.

## Fanamarihana

Mpampiankina ny "**fa"** raha azo soloina "**raha"** na "**satria"** fa mpampitohy kosa izy raha toa ka azo soloina "**nefa"** na "**kanefa**"